



MIOITRA

FANohanana Ireo Orinasa Iraisan'ny Tantsaha Rehetra eny Ambanivohitra

LAHARANA MANOKANA PARECAM-Jolay 2011



ITASY

FANAJARIANA TANETY
NIARAHANA TAMIN'NY
AGRISUD INTERNATIONAL



MATSIATRA AMBONY

SRI - VOLY VARY MARO ANAKA:
TEKNIKA MAHOMBY HIADIANA
AMIN'NY OLANA ARA-TSAKAFO



VATOVAVY FITOVINANY

NY AKON'NY FANAMPIANA
NATAO - TAO AORIAN'NY
FANDALOVAN'NY RIVODOZA
BINGIZA



SOFIA

FANATSARANA NY
VOKA-BARY AMIN'NY
ALALAN'NY FAMETRAHANA
FOTODRAFITRASA FITSINJARANA
RANO

Famokarana ovy, tandra vadin-koditra amin'ny distrikan'Andramasina

Sakafo mahasalama ny ovy. Sady azo karakaraina ho lasopy, no azo endasina, ary aseho amin'ny endrika samihafa. Misy karazany maro ny ovy. Ohatra amin'izany ny jaingy, ny diamondra, ny meva, ny "spunta", sns.

Malaza fa i Vakinankaratra no faritra tena be mpamokatra ovy. Tsy latsa-danja amin'izany anefa Andramasina, distrika iray ao anatin'ny Faritra Analamanga, izay tena mahavokatra ovy betsaka tokoa. Mahatratra hatramin'ny 24 000 Taonina eo ho eo ny vokatry mivoaka avy ao anatin'ny distrika isan-taona (Fanadihadiana nataon'ny CSA, 2009).

Betsaka ny fotoam-pambolena araka ny diarim-pambolena misy: voly an-tanety (mamboly volana novambra sy desambra eo ho eo), voly anelanelany (mamboly volana janoary sy febroary eo), voly avotra (mamboly volana avrily -may eo), ary ny voly avotra faharoa (mamboly volana jolay agositra).

Nanampy ny tantsaha mpamboly tao anatin'ny kaominina telo tao anatin'ny distrikan'Andramasina ny tetikasa PARECAM teto Analamanga nandritry ny fotoam-pambolena 2010. Mpamboly zato latsaka no niarahana niasa, araka ny sivana



© PROSPERER

Famokarana masomboly voafantina

nataon'ny CSA sy ny CIRDR tao an-toerana, ary nahazoana vokatry hatrany amin'ny 250 taonina tany ho any. Fanafodimboly sy zezika ary fitaovam-pambolena no fanampiana natao tamin'izany, izay nadraisan'ireo tantsaha anjara teo amin'ny antsasa-bidy. Nikasa tokoa ny fandaharanasa hamatsy masomboly voafantina, izay iray amin'ny fepetra ahafahana mampitombo ny taham-pambolena. Indrisy anefa, fa noho ny aretin'ovy "mandazo" (bactériose) izay namely mafy, dia tsy nahita masomboly manara-penitra hovidiana tamin'izany fotoana izany. Ny filàn'ny tsena anefa dia betsaka tokoa satria nahatratratra 40 taonina isaky ny folo andro araka ny fitsirihana natao tany Mayotte ny taona 2009 (jereo lahatsoratra any amin'ny pejy4). Notohizana ary ny fiaraha-miasa izay efa nataon'ny fandaharanasa FANOITRA sy ny CIRDR Andramasina, izay natao

ny tapan-taona faharoa ny taona 2009, nampiofanana tsantsaha sy fikambanana tantsaha hamokatra zanak'ovy. Nosafidiana ho distrika filamatra tokoa Andramasina tamin'izany fotoana izany noho ny maha mpamokatra ovy betsaka azy.

Nosafidiana ny fikambanana HERY ao Ampamamobe, kaominina Alarobia Vatosola ka niarahana niasa. Telopolo ny mpikambana, afaka nanao fambolena tao anaty tany sahabo ho 3 Ha teo ho eo, novatsiana zanak'ovy voafantina avy ao antoerana ihany, sy fanafody ary zezika. Ny CIRDR no niantoka ny tohana ara-tekhnika, ary ireo mpitsirika masomboly eo anivon'ny DRDR Analamanga no nanao ny fanarahamaso.

Masomboly ovy karazany Meva mitontaly 25 taonina no niakatra amin'izany, izay marihina fa tena manara-penitra tokoa ary voamarina fa lavitry ny aretina.

ANALAMANGA



Ireto tantsaha ireto dia mahafehy tanteraka izany teknika famokarana zanak'ovy izany ankehitriny, ar09/04/10manomboka ho matihanina amin'izany asa izany. Ankoatra ny fambolena iombonana izay ataony, dia samy manana ny famboleny manokana ny tsirairay. Najoro araka izany ny koperativa ahafahana mirotsaka kokoa amin'ny lafiny ara-barotra.

Amin'izao fotoana izao dia maro ireo mpanjifa masomboly no tonga mitsirika hatrany ifotony ary hividny ireo masomboly novokarina.

Ny voly hono no soa, ny masomboly no anton'izany. Mankasitraka an'ity fikambanana tantsaha izay tarihin'andriamatoa RANDRIANARIMANANA Jean Noël ity izahay, ary mampahery ny mpikambana rehetra hitozo amin'izany asa izany, satria hita sy tsapa fa azo iankinana ny famokarana masomboly ovy ahafahana manatsara ny fari-piainana.

Aleo hery zareo an !

RANAIVOSON Rijamanitra

RANDRIANARIMANANA Jean Noël

Koperativa HERY
Ampamamobe
Kaominina Ambanivohitra
Alarobia Vatosola, Distrika
Andramasina,
Telefona : 033 05 293 24



© PROSPERER

Saha fambolena masomboly voafantina ovy





Teny avy amin'ny Minisiteran'ny Fambolena

Na dia roa taona monja aza ny faharetan'ny tetikasa PARECAM dia tena nahafa-po ny vokatra azo. Tanjona napetraky ny PARECAM tamin'ny fampijoroana ity tetikasa ity teny am-piandohana ny fampitomboana ny vokatra ny fambolena ho ampy amin'ny fahiana ara-tsakafo.

Hatramin'ny naha-teo ny PARECAM dia tena nisy tokoa ny fivoarana tsapa. Voalohany amin'izany ny teo amin'ny fotodrafitrasa. Efa betsaka ireo fotodrafitrasa vita na eo amin'ny tohadrano ahafahana manondraka velaran-tany hambolena, na ahafahana miaro velaran-tany tsy ho tondraky ny rano raha sendra be loatra ny orana, na eo amin'ny fitahirizana ireo vokatra. Ho an'ny Fandaharasana FANOITRA manokana dia efa voatsangana avokoa ireo fotodrafitrasa nokasaina hatao: fanajariana lemaka ka nahavitana tambajotra fitarian-drano miisa 15 izay mahasahana velaran-tany fambolem-bary mihoatry ny 3 700 hektara any ary sompotra iombonana miisa 22 izay ahafanana mitahiry vokatra 1000 taonina, manerana ireo faritra dimy hiasan'ny Fandaharanasa.

Faharoa dia noezahin'ny PARECAM natao ny nijery ny fomba mahomby indrindra hampaharetana ny fanohanana ny tantsaha tamin'ny alalan'ny famatsiana sy famokarana masomboly toy ny tsaramaso, ny tongolo, ny katsaka ary ny vary. Tsy diso anjara koa ny mpamboly misahana ny voly mangahazo satria maro ny tohana voarain'izy ireo raha tsy ny resaka fizarana taho-mangahazo hotavezina fotsiny no asian-teny manokana.

Fahatelo sady farany ny fampifandraisana ny asa famokarana amin'ny varotra izay iavahan'ny PARECAM amin'ny tetikasa hafa misy amin'izao fotoana. Lasa nifameno tamin'ireo tetikasa efa misy ny fandaharanasa, eny zary lasa tohana ho azy ireo mihitsy aza noho izany satria tena ivon'ny fampivoarana marina ny fiainan'ny tantsaha.

Teo amin'ny fanatanterahana ny asa dia somary nananosarotra ny fijerena ireo tena vondrona tilin'ny fandaharanasa. Ireo tantsaha faran'izay mahantra indrindra no natao ho mpisitraka amin'ny PARECAM kanefa dia tena sarotra ny nitady azy ireo. Teo amin'ny faharetan'ny fanatanterahana ny fandaharanasa indray dia tena tsapa ho fohy loatra ny fotoana ka tao anatin'ny hazakazaka no nanatanterahana izany. Tena nilana fanomanana anefa ireo mpisitraka ahafahany miditra amin'ireny sehabola ireny sy ny fampianarana azy ireo amin'ny lafiny fitantanana.

Mba hisian'ny fivoarana sy hahatongavana amin'ny tanjona ho fampandrosoana haingana dia mila marisika ny teknisiana rehetra eto Madagasikara handray anjara mavitrika ary hitodika sy hahatsapa ihany koa ny tena fahantran'ny tantsaha Malagasy. Mila hajaina ny fifanarahana miaraka amin'ny mpamatsy vola na eo amin'ny faharetan'ny tetikasa na eo amin'ny zavatra rehetra atao. Ho an'ireo mpisitraka indray dia tokony hiazakazaka hijery ny fomba ahitany tombontsoa amin'ny tetikasa sy hanana toe-tsaina miara-mandroso hatrany izy ireo.

Alohan'ny hananganana tetikasa iray dia tokony hojerena ary ho ENY hatrany ny valin'ireto fanontaniana telo manaraka ireto: - Ahazoan'ny olona tombontsoa ve izany tetikasa izany? ary - Eken'ny olona ve ny atao ao amin'io tetikasa io? - Azo itarina ve izy io?

Fanajariana tanety niarahana tamin'ny AGRISUD International

ITASY



Anisany miavaka ary mahasarika mpizahan-tany ny faritra Itasy noho ny toe-tany sy ireo harena voajanahary ao aminy. Tsy lavitra ny renivohitra no misy azy ary malaza noho ireo farihy maro, ny riandranon'i Lily (Chute de la Lily), ny rano miboiboika avy ao anaty tany (geysers ao analavory), sns. Ankoatr'ireo anefa dia toerana lonaka sy mahavokatra tokoa ny faritra. Manana toetr'andro mangatsiaka ny tapany atsinanana (manakaiky ny faritra



Toerana fanaovana «composte»

Vakinankaratra), mafana kosa ny tapany andrefana, ary volkanika ny karazan-tany ao aminy.

Noho ny fitomboan'ny isan'ny mponina anefa dia tsy ampy hotrandrahana intsony ireo tanimboly sy tanimbary nohajariana hatramin'izay. Maro noho izany ankehitriny ireo vohitra sy tendrombohitra izay ambolena amin'ny fomba tsy manarapenitra mba hiantohana ny fanjarian-tsakafo. Araka ny fandinihan'ny manampahaizana anefa, raha mitohy izany fomba fitrandrahana izay manafaingana ny fikaohan'ny riaka ny tany izany dia mety ho tototra ny farihin'Itasy afaka dimampolo taona monja.

Mba ho fiarovana ny tanety misolampy amin'ny fikaohan'ny riaka sy ho famerenana mba ho azo volena indray ireo tany kotra,

dia nanao fifanarahana tamin'ny AGRISUD International ny PARECAM/PROSPERER Itasy. Io rafitra io moa dia manana traikefa manokana amin'ny fanajariana ny tanety sy ny fifehezana ny "faha-lonaky" ny tany. Izany fiaraha-miasa izany dia mikasika ny fametrahana vala tahaka (site de demonstration) miisa 30 amin'ny velarantany 40 ha. Teknika voly rakotra, fambolena hazo fihinambo, ary fametrahana aro riaka no natao mba hanalefahana ny fikaohan'ny riaka sy hiarovana ny tsiron'ny tany. Amin'izao fiakaran'ny fiaraha-miasa izao dia vala tahaka mirefy 50ha mahery no voajary ary maherin'ny 150 ireo tantsaha mpamokatra nahazo fiofanana ary resy lahatra fa hampihatra ny teknika manarapenitra amin'ny fanajariana tanety amin'ity taona ity. Ny tanjona moa dia hiakaran'ny velaran-tany azo volena mba hitomboan'ny vokatra sy hanatrarana ny fanjarian-tsakafo.

RAKOTORAHALAHY Lucien RRPI/Lalatiana



Ambohijafy Imeritsiatosika: Tanety efa kotra nefa azo volena indray ary voaaro amin'ny fikaohan'ny riaka

Fanampiana tamin'ny cyclone BINGIZA 2011

Ny akon'ny fanampiana natao - faritra Vatovavy Fitovinany sy Atsimo Atsinanana

Tao aorian'ny fandalovan'ny rivodoza Bingiza tamin'ny volana febroary 2011 lasa teo dia nisy fiaraha-mientana ho fanampiana ireo tokantrano tra-boina. Izany no natao mba hanatrarana ny tanjon'ny fandaharanasa PARECAM izay mikendry indrindra ny fanalefahana ny fiantraikan'ny tsifanjarian-tsakafo eto Madagasikara.

Nisy araka izany ny tantsoroka vonjy maika hanarenana ny fambolena taty amin'ny faritra voakasiky ny rivodoza. Raha ny faritra Vatovavy Fitovinany no iasan'ny fandaharanasa PARECAM dia tsapa fa ilaina ny fanitarana ka nipaka hatrany amin'ny faritra Atsimo Atsinanana ny fanampiana. Distrika telo no tena niasana dia Vohipeno, Farafangana ary Vaingandrano, ka kaominina 46 no voasahana tamin'izany.

Raha natao ny fanisana dia 3500 eo ho eo ny fianakaviana nahazo ny fanampiana vonjy taitra ho entina hanarenana ny fambolena taty amin'ny faritra nandalovan'ny Bingiza. Raha ny fanampiana natao no asian-teny dia nisy ny fizarana doria vary safiotra 3 taonina, doria katsaka 3 taonina, doria traka 6800 fonosana (haricot vert, korizety, laisoa, petsay) tamin'ireo fianakaviana ireo. Nifarimbona tamin'ny fizarana ireo doria ireo ny DRDR Vatovavy Fitovinany sy Atsimo Atsinanana sy ny mpiara-miombon'antoka eto an-toerana toy ny CSA Vohipeno sy

Farafangana, CARITAS Vaingandrano, CARE Sud Vaingandrano.



Ny vokatra laisoa teny an-tsena

Rehefa natao ny fitsinjarana dia ny petsay no tena be mpitady satria io no voly efa fanaon'ny mponina, noho izy mora amidy rehefa miaka-bokatra. Niezaka noho izany ireo mpiara-miombon'antoka nanao fanofanana sy fanaraha-maso mikasika

ny fomba fambolena (sy fomba fihinana) ny legioma hafa ankoatry ny petsay.

VATOVAVY FITOVINANY



Ny tena nandrasan'ny olona tamin'ny fiofanana dia ny fizarana fitaovam-pamokarana maimaim-poana. Na dia teo aza izany, dia niezaka ireo mpiantokasa sy mpiara-miombon'antoka nantantana sy nampiofana ny amin'ny fampiharana miainga amin'ny fitaovana nisy teo ampelatanan'ny mpisitraka tsirairay mba hahazahoana ny vokatra. Andrasana atsy ho atsy ny tahan'ny vokatra azo isaky ny voly, satria efa an-dalana ny fanaovana ny tombana ireo Mpiantokasa.

Elyshah sy Tiola



Trano ravan'ny rivodoza Bingiza

© PROSPERER

© PROSPERER

© PROSPERER

SRI-VOLY VARY MAROANAKA:

Teknika mahomby hiadiana amin'ny olana ara-tsakafo



© PROSPERER

Ramatoa Lydia, afaka nampitombo ny ambimbava nony nampihatra ny SRI

Tato anatin'ny tetikasa PARECAM dia anisan'ny vandoan-draharaha ny famahana sy fanapariahana ny voly vary maroanaka SRI. Izany dia tafiditra ao amin'ny tanjona manokana dia ny hampitomboana ny vokatra ara-tsakafo.

I. AMBONY NY TAHAM-PAHAVOKARANA

Ny fanadihadiana teny ifotony, nataon'ny tompon'andraikitra ny DRDR (Direction Régionale de Développement Rural) no nanamarinana fa nitombo avo roa na teloheny ny taham-pamokarana ho an'ireo izay nampihatra ny SRI. Raha 2 na 3 taonina isaka ny hektara izany teo aloha dia tonga 4 ka hatramin'ny 8 taonina na mihoatra aza. Manaporofo izany koa ny fanambaràna mivantana nataon'ireo mpampihatra ny SRI.

Nitombo ny velarantany voavoly

Raha 2000 hektara no tanjona dia 1 822 ha no tanteraka, niaraka tamin'ny mpamboly 4 367 isa raha noheverina ho 5 750 isa no hazazo ny tohana avy amin'ny PARECAM.



© PROSPERER

Fianakaviana ravoravo eo ampijijam-bary ao amin'ny Kaominina Sahambavy

Mihoatra ny 50 isan-jato ny fitombon'ny voka-bary

Ny fanadihadiana sy fanaovana tombana teny ifotony hatrany no nahatsapana fa nahatratra 50 ka hatramin'ny 63 isanjato ny vokatra fanampiny, azo tamin'ny voly vary maroanaka teto amin'ny Faritra.

II. MIHAMAIVANA NY FAHASHIRANANA

Ireo tantsaha nampihatra ny SRI dia niombom-peo fa nanamaivana na nanafaka ny fahasahiranana izy ireo ny vokatra ny fampiharana ny SRI. Amin'ny ankapobeny, raha 2 ka hatramin'ny 4 volana ny faharetan'ny maintso ahitra dia tsy misy afa-tsy iray na roa volana sisa izany ankehitriny. Ny antony dia ny fitombon'ny ambimbava teo amin'ny voka-bary.


Manamafy izany Ramatoa Lydia monina ao Anaody/ Kaominina Anjoma: "Nahafa-po ny voka-bary nony nampihatra ny SRI izahay. Nitombo ny ambim-bava mihoatra amin'ny isan-taona, ary afaka nandefa ny zanako hianatra any amin'ny oniversite ihany koa aho".

Efa tsapa sahadry teny anivon'ireo kaominina niasan'ny PARECAM fa maro ireo resy lahatra amin'ny fampiharana ny SRI. Porofon'izany ny fitomboan'ny tahampampiharana eny anivon'ireo kaominina ireo; manodidina ny 40 ka hatramin'ny 70 isanjaton'ny tantsaha no efa mpampihatra ny SRI. Misy amin'izy ireo anefa no tsy nahazo tohana avy amin'ny PARECAM, fa ny fahitany ny vokatra azon'ireo namany no naharesy lahatra azy ireo.

III. FOTOTRY NY FAHOMBIAZANA

Fifehezana ny teknikam-pamokarana

Mpanome tantsoroka ara-teknika miisa 32 nandrakotra Kaominina 32 no nanara-maso akaiky ireo tantsaha tamin'ny fampiharana ny fambolem-bary manara-penitra. Ny mpanome tantsoroka 01 dia nisahana mpamboly vary miisa 200 eo ho eo. Nisy ny toerana natokana hanaovana fampiharana iraisana nantsoina hoe « tableau noir », ary koa natao ho fakan-tahaka.



FANOITRA Matsiatra Ambony

MATSIATRA AMBONY



Fampiasana masomboly voafantina sy manara-penitra

Tohana momba ny fanampiana masomboly voafantina no natolotry ny Tetikasa ireo tantsaha vonona. Anisan'izany ny karazany SEBOTA 70 izay efanoamarina ny fetezany amin'ny toe-tany sy ny toetrandro aty amin'ny faritra. Nofidiana manokana io masomboly io noho izy lava faka ary koa misandrahaka, ka ahafahany mivelona ara-dalana amin'ireo tany mety ho saro-drano. Nampahafantarina ihany koa ireo mpamboly ireo ny fitsitsiana masomboly. Satria raha 30 kilao mahery ny nampiasain'izy ireo teo aloha hoan'ny tany mirefy 1 hektara, dia latsaky ny 10 kilao monja sisa no ilaina raha amin'ny ketsa tanora. Masomboly 18 taonina tamin'ny karazany SEBOTA 70 ary 7 taonina tamin'ny X265 no voantsinjara tamin'ireo mpisitrika voafantina hahazo ny tohan'ny PARECAM. Hita soritra ihany koa tamin'ny alalan'ny fanohanana ireo vondrona mpamokatra masomboly voafantina ny fanamorana ny fahazahoana masomboly sy ny fananana ambioka vaovao. Nohamafisina tamin'ny alalan'ny fiofanana isan-karazany ny fahaiza-manaon'ireto farany ireto, sady novatsiana ambioka fototra ihany koa. Ankehitriny, afaka mpampitombo ny ambioka ireo fikambanana ireo.

Fampiasana zezika

Anisan'ny filàna iray mampikaikaika ny tantsaha eo amin'ny fambolem-bary ny zezika ary koa ny fitaovana indrindra ny fiavam-bary na "sarcluse". Nohamorain'ny tetikasa ny fahazahoana izany, hoan'ireo izay vonona hampihatra ny teknikam-pambolena SRI. Ka nahatratra 240 taonina teo eo ho eo ny NPK, 33 taonina ny Urée ary 880 isa ny "sarcluse" voazara.



Matoandahatsoratra

Ity laharana manokana ho an'ny PARECAM ity dia atolotry ny Fandaharanasa FANOITRA hanehoana santionany vitsy dia vitsy tamin'ny asa vita tao anatin'ny roa taona! Satrinay ny hitanisa ny vokatra azo sy ny fanehom-pankasitrahana avy amin'ireo tantsaha niaraha-niasa, kanefa voafetra ny toerana ato amin'ity Gazetim-pifandraisan-tsika ity.

Mba tsy ho very tadidy sy tsy hataontsika "taon-dasa tsy tsaroana" ny ezaky ny tsirairay, dia tapa-kevitra izahay fa hamaoka ity laharana manokana ity. Niasa tsy nitarain-tana-miepaka na dia tao anaty krizy aza ny rehetra ary izao tody eto am-pamaranana ny Tetikasa izao. Soa fa nisy ny PARECAM. Mahay mankasitraka sy misaotra ny vahoaka eropeanina nanome antsika an'iny famatsiambola tsy trosaina sy tsy averina iny isika. Ny anjarabirikinay tato amin'ny fitantanana ny Tetikasa dia ny niasa ampitiavana sy nitandro toy ny anakandriamaso ny etikam-pitantanana ka tsy nanao "tari-drano ankilahila, ka ny very an-dalana no betsaka", fa niezaka hatrany kosa nampipaka marina tany amin'ireo tantsaha vonona hioitra hiala tanaty fahasahiranana ara-tsakafo sy ara-pihariana an'io fanampiana azontsika tamin'ny vahoaka eropeanina io.

Mahaiza manana an'ireo Fotodrafitrasa vaovao sy nohavozina, ireo Magazay fitahirizam-bokatra manara-penitra. Aza misorona mampahafantatra ny hafa ny fiovana nateraky ny fiarahamiasa tamin'ny PARECAM teo amin'ny asa fambolena nataontsika : ilazao ny tantsaha namana fa tsara sy mahomby ny SRI, ny voly vary ketsa tanora, ny masomboly na ambeo SEBOTA 70, X-265, katsaka IRAT 200, tsaramaso mena, tsaramaso mainty, tsaramaso "rotra", ny bokala mavokely, tongolo Orient F1, ny Ovy Meva mahatantany aretina, sns. ... Tantarao fa azo atao tsara ny mamolaka ny vodi-tanety ho tanim-pamokarana ho an'iny Faritr'Itsasy iny. Ampahafantaro fa efa misy tantsaha mahafehy zato isan-jato ny kalitao takian'ny tsena iraisam-pirenena ho an'ny vokatra legioma eto Analamanga ary tsy ho ela dia hisy toeram-pivarotana ireny vokatra legioma manara-penitra ireny eto an-drenivohitra. Tadidio fa raha tojo fahatapahana vokatra ny cyclone Hubert ny volana marsa 2010 ny zotran-dalamby FCE ka nahavery fanantenana tanteraka ireo mponina an'aliny tamin'ny faritra Tanala iny, dia ny PARECAM tamin'ny asa tana-marano no namerina indray ny zotran-dalamby tao anatin'ny roa volana monja. Koa ampahafantaro sy zarao ho an'ny hafa re ny fahombiazantsika mba hiara-mivoatra isika mianankavy.

RANARIVELO Lucien
Mpanindrina nasionaly PROSPERER/PARECAM

FOTODRAFITRASA MIARA-DALANA AMIN'NY FANAMPARITAHANA NY TEKNIKA MANARA-PENITRA:

Antoky ny fampitomboana ny voka-bary hohahina sy hamidy

Anisan'ny sompitra iray mamatsy vary manerana an'i Madagasikara iny Distrika Befandriana Avaratra sy ny Distrika Mampikony iny satria ny 12,5 isanjaton'ny voka-bary eto amintsika dia avy any amin'ireo toerana ireo avokoa. Tohadrano telo no namboarina mba hanitarana ny tany hambolena misy any amin'ireo faritra ireo, izay iandraiketany ny PARECAM Sofia antanana. Ny lemaka Tanandava, Ampijoroana ary Ambodimotso no nahazo ireo tambajotra vaovao ireo. Ho an'i Tanandava manokana Kaominina Bekoratsaka ao amin'ny Distrika Mampikony, dia mahatratra 1360 Ha ny velaran-tany itarina ho tany fambolena amin'ny alalan'ny fanamboarana ity tohadrano ity. Ny fikambanana Vatsy

tarihin'andriamatoa RABEVOHIZY no nanao ny fangatahana tamin'ny PARECAM Sofia ny taona 2010 mba hamitana ny tohadrano eny an-toerana. Nahatsapa ny mponina fa ratsy fitsinjarana ny rano ka tsy tsara ny voka-bary, noho izany dia ilaina ny famitana io fotodrafitrasa iray io mba hanatsarana ny voka-bary.



© PROSPERER

Karazana vary avy amin'ny FOFIFA



Ankoatry ny fotodrafitrasa dia efa atao ao Tanandava ihany koa amin'izao fotoana, izay eo ambany fitarihan'ny PARECAM sy ny FOFIFA, ny fanehoana sy fanandramana voly vary manara-penitra iarahany amin'ireo tantsaha mpikambana ao amin'ny VATSY. Tsy ny hamokatra hohanina ihany no ataon'izy ireo amin'izany fa ny hamokatra masomboly voafantina manara-penitra toy izay hita any Marovoay ihany koa. Fanirina ireo tantsaha ny hampakatra ny voka-bary ho avo roa heny na ho avo telo heny mihintsy aza



© PROSPERER

Fotodrafitrasa Tohadranon'i Menakely ao Tanandava any Sofia

Tsanta

amin'ny vokatra misy amin'izao fotoana izao noho ny fisian'ny toha-drano vaovao sy ny voly vary manara-penitra izay efa atao fanandramana amin'izao fotoana.



Vokatra manara-penitra, azo antoka fa ahitana tsena

Taorian'ny fitsidihana nataon'ny mpandrindram-paritry ny PROSPERER Analamanga tany Mayotte ny volana oktobra 2009, niarahany tamin'ireo mpandraharaha tsy miankina amin'ny fanjakana vitsivitsy, no nahatsirihana ny filàna legioma karazany maro tany antoerana. Natao ary ny fikarohana izay ahafahana mampifandray ireo tantsaha mpamokatra teto Analamanga sy ireo mpanjifa tany Mayotte, izay noelanelanin'ireo mpandraharaha ireo izay efa matihanina amin'ny fanondranana. Nananosarotra anefa ny fahitana ireo vokatra ilaina haondrana, na teo amin'ny habetsahany, na teo amin'ny kalitao izay tadiavin'ny mpanjifa.



Vokatra manarapenitra: Fenitra HOREB

Ny tetikasa PARECAM, izay natao hiatrehana ny fiakaran'ny vidin-tsakafo sy tsy fahampian'ny sakafo teto antoerana, dia niezaka nanampy ireo tantsaha hampitombo ny tahan'ny famokarana legioma teto Analamanga. Natao ny voly tongolo tany Anjozorobe, ny tsaramaso tany Manjakandriana, ny ovy tany Andramasina. Tsapa fa nitombo ny taham-pamokarana, nefa mbola tsy nanaraka kalitao izany vokatra izany.

Ny ONG Harena Sahaza, izay sampana iray ao anatin'ny "Groupe Faly export", no namolavola sy namahavaha momba ny fenitra HOREB, ka niara-niasa tamin'ny tetikasa PARECAM Analamanga tamin'ny fanaparahana izany fenitra izany. Ny Fenitra HOREB dia noezahana hararitaka teto Afrika manontolo alohan'ny ahafahana manaparitaka azy any Eoropa any. Nisy ny fampahafantarana natao momba azy teo anivon'ny fivoriamben'ny Vondrona afrikana ny vola aogositra 2010 tany Tanzania.

Rehefa natao ary ny fampiofanana ny tantsaha dia distrika dimy teto amin'ny faritra Analamanga no voakasik'izany: Anjozorobe, Manjakandriana, Avaradrano, Andramasina, Ambohidratrimo. Tantsaha mpamboly miisa telonjato eo ho eo no nahazo ny fiofanana ary karazam-bokatra enina no nahatratra ny fenitra: voatabia, karaoty, sakaibe (poivron), poireau, ovy ary tongolo.

Efa maro ny vokatra aondrana ankehitriny, ary isaky ny tapa-bolana no fandefasana entana any Mayotte. Misy ihany koa anefa ny tsena anatin'ny toy ny any Nosy Be Hell-Ville. Isan-kerinandro no mandefa entana, ary ireo hotely lehibe no tena mampiasa azy.

Ho fanatsarana ny fandaminana eo amin'izany fanondranana vokatra izany, dia natsangana ny "cluster" na "salohy" izay ivondronan'ireo mpikirakira ny legioma sy voankazo. CFLA na "Cluster Fruits et Legumes Analamanga" no anarana isalorany, izay efa manana ny birao mpitantana azy, sy ny sokajy mijoro eny anivon'ny distrika efa misy mpikambana. Mirindra araka izany ny fanangonana ny vokatra, ny fanondranana azy, ary indrindra koa ny fizaràna ny

tombotsoa ho an'ireo tantsaha mpamokatra rehetra voakasik'ity asa fanondranana ity.

Maro no manontany hoe "fa dia aondrana any ivelany daholo ve ny vokatra misy kalitao e ? Dia ahoana ny an'ny vahoaka eto antoerana ?" Efa ao anatin'ny fandaharasan'ny FANOITRA Analamanga ny hametraka ireo toby famatsiana eto an-drenivohitra sy ny toby iray hisy vata fampangatsahana izay hanangonana sy hitehirizana ny vokatra, amin'izay dia mahazo

vokatra manara-penitra ny Malagasy, ary izany dia vokatra misy mandavan-taona ihany koa.

Ny tanjona napetraka tokoa mantsy dia ny hoe vokatra maro karazany, manara-penitra, maharaka ny habetsahan'ny filàn'ny mpanjifa. Ny vokatra mantsy rehefa manara-penitra, dia mora kokoa ny ahitana tsena hivarotana azy. Amin'izay ny tantsaha sady voky, no manana fidiram-bola ahafahana manatsara ny fianinany andavanandro.

RANAIVOSON Rijamanitra, Tompon'andraikitra ny PARECAM any amin'ny Faritra Analamanga



Endrika manintona no anehoana ireo vokatra



Talen'ny famoahana:
RANARIVELO Lucien

Tonian'ny lahatsoratra:
RAMAHAZO Andrianony
RANDRIANTSARAFARA Miharintsoa

Nanantontosa:
RANARIVELO Lucien
MANDRANO Julien
RANAIVOSON Rijamanitra
RAKOTORAHALAHY Lucien
MAHARAVO Lalatiana
RAKOTOMALALA Elysh
ANDRIAMASOANDRO Mediomia Tiola
RANDRIANTSARAFARA Miharintsoa
RAZAFIMAHATRATRA Tsanta N.

Infographie:
FAMPIONONA Joastin
RANDRIANARIVONY Mitantsoa

Tranoprinty:
NEW PRINT, Route des
Hydrocarbures.
B.P. 7581

Dépôt légal:
Novembre 2009

Isan'ny natonta: 6000

www.prospereer.mg
prospereer@prospereer.mg

Ny tombontsoa azo avy amin'ny voly kajaha natavezina

Ny kajaha dia voly efa fanao mahazatra ary foto-tsakafon'ny olona aty amin'ny faritra. Ny tetikasa PARECAM dia miezaka nanapariaka ny teknika fanatavezana ho an'ny mponina sahirana ho fampiakarana ny vokatra. Ireo teknisiana ao amin'ny INTERAIDE dia nahazo fiofanana mivantana avy amin'ny FOFIFA mikasika io teknika fambolena vaovao io, ka izy ireo indray no nanao ny fampitana sy fizarana ny traikefa amin'ny ekipan'ny DRDR sy ny mpiantokasan'ny tetikasa PARECAM. Ireto farany moa no manao ny fampiofanana ireo mpisitraka, izay natao ny volana febroary



Kajaha natavezina vao 4 volana monja

ka nampiharina ny volana martsa 2011 lasa teo.

Sahabo eo amin'ny 18m3 ny tovon-kazaha nalaina tany Ranomafana. Ireo mantsy dia voamarina fa mahatohitra aretina (virose). Miisa 400 eo ho eo ny mpisitraka nahazo ny tovon-kazaha, ka 400 fototra (400 lavaka) no natao andrana tany Vohipeno sy Ifanadiana. Miisa 100 ny mpisitraka nanatanteraka ny fihofanana voaray. Ny sisa kosa dia natao araky ny teknika mahazatra nentim-paharazana tany Vohipeno.

Nisedra sakana ny mpisitraka tamin'ny fanatanterahana sy fampiharana ny teknika fambolena vaovao, isan'izany ohatra ny fanahiana ny mety tsy hisian'ny isin-kazaha amin'ny vokatra, ny tsy fananana zezika ampiasaina (zezi-pahatra hamenoana ny lavaka), ny tsy fahafehezana ny fiakaran'ny rano, indrindra ho an'ny olona mipetraka manamorona ny renirano Matitanana Vohipeno.

Miandry ny taham-bokatra azo amin'ny fanarahana teknika voly kazaha natavezina ny olona vao hanapariaka ny fampiharana. Tsapan'ny mpisitraka ihany anefa ny hatsaran'ny voly andrana natao izay hita eny amin'ny saha sekoly. Mahavelombolo mantsy ny nahitana ny vokatra hita teny amin'ny saha sekoly, isan'izany ohatra ny eo an-tokotany fiasana birao PARECAM rezionaly, izay nanaovan'ireo mpiantokasa ny fanandramana. Hita taratra amin'izany mantsy ny fitombon'ny voly.

FOMBA FAMBOLENA KAZAHA NATAVEZINA

1. Manao lavaka 1m3 mielanelana 3 na 5 m isan-davaka ;
2. Fenoana zezi-pahitra sy fakofakonjava-maniry ary tany naganagaro ny lavaka izay atao miendrika vorivory (en forme de butte) ;
3. Eo anivon'ny lavaka no volana ny tovon-kazaha izay somary arahina tondraka kely raha maina loatra ny andro.
4. Ny compost na zezi-pahatra dia afaka soloaina bozaka sy guanomad.



Ny vinavinam-bokatra dia antenaina hahatratra 30 ka hatramin'ny 40 kg isaky ny lavaka ho an'ny teknika natavezina raha toa ka 15 kg fara-fahabeny raha teknika nentim-paharazana. Izany anefa dia miankina indrindra amin'ny fahafenoan'ny fepetra amin'ny fikarakarana. Amin'ny volana oktobra no hiakaran'ny vokatra, raha 1 taona no fahavokaran'ny kazaha amin'ny faritra dia eo amin'ny 8 volana eo izy dia afaka hadiana raha manaraka teknika fanatavezana.

Fahandroana ny tsaramaso maina amin'ny fomba haingana

- Sasàna madio tsara ny tsaramaso maina
- Atao anaty sachet plastika dia fatorana tsara
- Atao anaty rano mangotraka eo ambony afo mandritra ny antsasak'adiny, tsy avela ho ritra ny rano
- Masaka tsara ny tsaramaso aorian'io fotoana io ary afaka afangaro amin'izay saosy sy hanitra tianao

RAKOTORAHALAHY Lucien,



Mazotoa homana tompoko !

FANONDRAHANA

PARECAM :

Fandaharanasa miady amin'ny krizy ara-tsakafo



© PROSPERER

Fanondrahana maroloharano amin'ny sahan-tongolo

Nanoloana ny krizy ara-tsakafo izay nihatra tamin'izao tontolo izao ny taona 2008, dia nanapakevitra ny Union Européenne (UE) fa hanome famatsiam-bola an'ireo firenena madinika mba hahafahan'izy ireo miatrika sy miady amin'izany krizy izany. Anisan'izany i Madagasikara tamin'ny alalan'ny fandaharanasa PARECAM, izay niasa nandritry ny roa taona (2009-2011). Ireo fandaharanasa sy tetikasa vatsian'ny FIDA vola no voatendry hanantanteraka io fandaharanasa io. Ka anisan'ireo ny Fandaharanasa Fanoitra izay nanantontosa io tetikasa io tany amin'ireo toerana efa hiasany.

Ny tanjona trararin'ny PARECAM dia ny hanohana ny fampitomboana ny vokatra ara-tsakafo amin'ny alalan'ny fanamparitanana ireo teknikam-pambolena eny amin'ny mpamboly. Ary koa, amin'ny



© PROSPERER

Masomboly voafantina novokarin'ireo GPS Itasy

alalan'ny fametrahana politika maharitra hoan'ny sehapiharina famokarana mba ho fitohizan'ny fomba fiasa. Vokatra efatra no tiana ho trararin'ny mandritry ny roa taona hiasan'ny PARECAM : (1) ny fanatsarana ny fotodrafitrasa famokarana, (2) fanamparitanana ny famokarana manara-penitra, (3) fampitombohana ny fotodrafitrasa fitairizana ny vokatra sy ny fanatsarana ny

tsehan'ny vokatra ary (4) fampiroboroboana ny tantsoroka maharitra.

Raha ny fandaharanasa Fanoitra manokana no zohina dia maro dia maro tokoa ireo vokatra azo nandritry ny fotoana nampandehanana ny tetikasa. Raha ny antontanisa momba ireo mpahazo tombotsoa fotsiny dia efa nahasahana tantsaha maherin'ny dimy alina atreto ny fandaharanasa. Samy nahazo ny anjaran-tandrifiny avy ny tantsaha rehetra mamokatra any amin'ireo faritra dimy iasan'ny Fandaharanasa Fanoitra.

Ireto avy ary ireo vokatra nisongadina azo nandritry izay fotoana niasan'ny PARECAM izay :

1 Fotodrafitrasa maro toy ny tatatra sy ireo karazana tohadrano no voantsangana hampitomboana ny velarantany azo volena vary, izay mahenika velaran-tanimbary telo arivo sy fitonjato (3700) hekitara no mihoatra ; mpamboly vary mihoatra valo arivo sy dimanjato (8500) noho izany no nahazo tombony mivantana amin'ireo fanatsarana na fametrahana fotodrafitrasa hitsinjarana ny rano ireo.

2 Masomboly vaovao voafantina antoniny maro koa no efa namparitaka ary fanampiany maro toy ny zezika, fanofidim-biby ary fitaovam-pamokarana madinika no nozaraina tamin'ny atsasam-bidy teny amin'ireo tantsaha mpamokatra. Araka ny antontanisa farany voaray (volana aprily

lasa teo), dia nahahenika velarantany tomanàna ho dimy arivo sy dimanjato hekitara eo no hoe eo no voasaninana tamin'ireo fanampiana natolotra, ary nahazoana vokatra enina arivo taonina (6 000 ha) latsaka aloha, satria mbola tsy mbola voaisa ao ny vokatra azo tamin'ny taona 2011. Raha zohina izany dia nanenika ny telo arivo taonina (3000 t) eo ny vokatra fanampiny azo.

3 Mpamokatra masomboly maro no voahofana, ary an-taoniny koa ireo masomboly voafantina sy voamarina novokarin'izy ireo rehefa nahazo ny tantsoroka tamin'ny Fandaharanasa izy ireo (masomboly fototra, zezika, fanafodim-biby, fanofanana). Anisan'izany ny masomboly tsaramaso, katsaka ary ovy.

4 Trano fitahirizana vokatra na sompotra iombonana miisa 22 no nantsangana, hahafahana manangona vokatra katramin'ny arivo taona eo no eo.



© PROSPERER

Sompitra iombonana (GCV) ao Sofia

5 Fampihofana maro no natolotra ireo mpamokatra. Anisan'ny niavaka tamin'izany ny fanamparitanana ny teknika voly vary maroanaka na SRI izay nahatratrarana efatra ka hatramin'ny valo taonina isan-kekitara na mihoatra mihitsy aza (Jereo pejy3) ; sy ny fampiasana ny fitaovana fanondrahamboly maroloharano na kit SMI (Système de Micro-irrigation goutte à goutte).

Mihari

NY VOLY TONGOLO MANARA-PENITRA:

Tombontsoa azon'ireo tantsaha nampihatra ny fiofanana nomen'ny Parecam Sofia tao Anjiamangirana I



© PROSPERER

Ramatoa Adèle sy ny tanin-tongolony ao Anjiamangirana

Tamin'ny taom-pambolena 2010 ny Parecam Sofia no nanomboka nanentana sy nanome fiofanana mahakasika ny voly tongolo ireo tantsaha mponina eny amin'ny kaominina Anjiamangirana I, ao anatin'ny distrikan'Antsohihy. Fiofanana mikasika ny famafazana, fanetsana, fikojojana ary ny fiotazana tongolo no nampianarina ireo tantsaha tamin'izany amin'ny alalan'ny fampiasana masomboly voafantina ORIENT F1.

Tafajoro ny « Association TSARAJORO » ivondronan'ireo tantsaha mpamboly tongolo ao Anjiamangirana, izay tarihin'Andriamatoa Jaofaly. Nahatratra 85 ireo tantsaha no nikambana tao. Ankoatra ireo fiofanana nomen'ny Parecam Sofia dia nisy ihany koa ireo fitaovana nomena ny fikambanana toy ny angady, ny borety, ny fitaovam-panondrahana, fitaovam-pamafazana fanafody, ny paompin-drano voizina tongotra sy ny maro hafa tsy voatanisa. Rehefa niakatra indray ny

vokatra dia notoloran'ny Parecam lalam-barotra ireo tantsaha ka ny DAITA avy aty Antananarivo no nandray ny vokatra tongolon'Anjiamangirana tamin'izany. Nisy ny trano fanatobiana vokatra natolotra ny Parecam ary ny fandaharanasa Fanoitra kosa no nanome ny trano hamarotana ny vokatra. Efa nisy teny amin'ny faritra Anjiamangirana no nanao ity fambolena tongolo ity talohan'ny taona 2010, izay nivondrona tao amin'ny FFTS na ny Federasiona Fampivoarana ny Tantsaha Sofia, izay indrindra no antony nisafidianan'ny Parecam ny hanatsara hatrany io sehatra iray io.

Anisan'ireo efa nahazo tombony tamin'ity fambolena tongolo ity Ramatoa Adèle. Ny vola azony avy amin'ny fivarotana ny vokatra tongolo mantsy no nahavitany ny fanafoana sy famitana ny tranony. Antony iray mahatonga azy hifikitra hatrany amin'ny fambolena ity tongolo ity ihany koa ny fahatsapany fa tsy mandany andro ny fambolena azy satria 5 volana



© PROSPERER

Karazana tongolo ORIENT F1

ihany no faharetan'ny fotoana fiasana dia afaka miandry ny fiakaran'ny vokatra ny mpamboly iray. Raha ho an'i ramatoa Adèle ihany dia nitarika fiovan'ny toe-tsaina sy fanàna herim-po ary fahafoizana fotoana ny fanaovany ny fambolena satria araka ny fanazavany dia ahazoany vola 4.000.000 ariary ny tanin-tongolo 40 isa ananany. Araka ny fanazavan'andriamatoa Dimbizara Jean Selison, teknisiana manara-maso ny teknikam-pambolena ao amin'ny PARECAM Sofia, dia nisy ihany koa fianankaviana roa, izay samy nahazo omby roa avy rehefa samy nahalafa ny tongolony teny amin'ny faritra Anjiamangirana iny ihany.

Tsanta

Fanavaozana ny masomboly fampiasa manaraka ny teknika manara-penitra



Toy izao ny fahavokaran'ny tsaramaso masomboly manara-penitra

Anisan'ny fanohanana entin'ny Fandaharan'asa PARECAM ihany koa ny fanatsiana ny mpamboly madinika ireo masomboly tsara sy manara-penitra toy ny tsaramaso, katsaka, tongolo, vary, karazan'anana, ny tahona vomanga sy tahona mangahazo.

Teo am-panombahan'ny asa tantsoroka natao teo amin'ny fanomezana masomboly dia teny amin'ireo mpandraharaha maro isan-karazany ny nividy ireo masomboly norazaina, fa nony tsapa fa sady tsy ampy ny hovidina eny amin'ny tsena no tsy afa-po ihany koa teo amin'ny kalitao dia nanapa-kevitra ny Teknisanina tato amin'ny Fandaharan'asa fa hampamokatra masomboly manara-penitra an'ireo mpamboly mba ho matianina amin'izany famokarana masomboly izany.

Dia nanomboka teo ny fifampiraharaha tamin'ireo Toeram-pikarohana na toeram-pamokarana efa matianina amin'izany toy ny FOFIFA izany, izay efa manana ny masomboly alohan'ny fototra (semences pre-base) tamin'ny tsaramaso sy tahona mangahazo, toy izany koa ny SDmad izay efa manana ny masomboly fototra tamin'ny vary sy voan'anana, teo ihany koa ny CMS any Sakay nisy ny katsaka, ny orin'asa ITA teo amin'ny tongolo ary FIFAMANOR eto amin'ny tahona vomanga "nofo loranjo" (chaire orange).

Raha ny famokarana ny masomboly tsaramaso manokana no asian-teny dia nanomboka tamin'ny masomboly alohan'ny fototra 1 800 kg izay misy karazany fito samihafa tao amin'ny FOFIFA no nentiny nanofanana ireo Mpamboly madinika mpikambana tao amin'ny fikambanambe AMADEA teny Antanetibe Mahazaza. Nisy Mpamboly miisa 195 no vonona tamin'izany ka hanaraka ireo fepetra rehetra takina amin'izany famokarana masomboly tsaramaso manara-penitra izany, izay tsy iza fa ny FOFIFA ihany no nandray antanana ny fanomezana ireo toro-lalana rehetra momba izany sy ny fanaraha-maso akaiky ny fizotran'ny famokarana mandra-piakaran'ny vokatra ary niarahany tamin'ny sampan-draharaham-panjakana miadidy ny fanaraha-maso ny fitiliana ny famokarana masomboly voafantina eto Madagasikara izany (SOC).

Nirindra tsara tokoa ny fiaraha-miasa satria samy nanana ny andraikiny ny tsirairay : ny PARECAM no mpanohana ara-bola, ny FOFIFA no niantoka ny fampitana ny fahalalana ho an'ireo Mpamokatra, ny AMADEA no mpiahy mivantana ireo Mpamokatra eo amin'ny lafiny fandaminana rehetra sy fifantenana ireo mpamboly ho matianina, ny SOC no mitily sy manome alalana ny fampiasana ireo masomboly hovokarina fa tena hanara-penitra tokoa eo amin'ny tsena ary ireo Mpamboly voafantina no hamokatra masomboly fototra.



Ireo karazana masomboly tsaramaso namatsian'ny PARECAM ireo mpamboly

Nony tonga ny fotoana famokarana afaka telo volana teo ho eo dia masomboly tsaramaso fototra 18 000 kg no vokatra ary voamarina fa tena manara-penitra tokoa no azo tamin'izany dingana voalohany izany.

Mbola notohizana ihany ny ezaka efa natomboka dia ireo masomboly fototra 18 000 kg novokarina ireo indray no mbola

hampitomboina any amin'ny mpamokatra hafa tao amin'ny faritra telo tohanan'ny PARECAM mba hahazoana masomboly nohatsarina 180 000 kg indray ka haparitaka eny an-tsaha rehetra eny.

Nalefa tany Mahatsiatra Ambony ny 8 000 kg, nankany Itasy ny 6 000 kg ary mbola najanona teto Analamanga ihany ny 4 000 kg. Marihina etoana fa ny FOFIFA sy ny SOC ihany no mpiara-miombon'antoka tamin'ny fanatanterahana izany rehetra izany. Andraikitra toy ny teo aloha ihany no nosahanin'izy ireo fa ny mpiahy mivantana ny mpamokatra indray no nitombo isa. Ka ny tany Matsiatra Ambony dia ny SDmad sy ny CRAM ary ny KLI no tompon'antoka tamin'izany fa ny tany Itasy indray dia ny Koperativa FIKOTAMIFI no mpiahy mivantana ireo Mpamboly madinika ary ny teto Analamanga dia mbola ny AMADEA ihany eny Antanetibe Mahazaza sy Fihaonana.

Ireo vokatra ireo moa dia andrasana hiakatra amin'ity volana Jiona, Jolay ary Aogositra ity. Raha mahaliana anao ny hahazo anjara amin'izany masomboly voafantina izany dia aza misalasala manantona ny foiben'ny FANOITRA any amin'ireo faritra voatoninana teo aloha ireo.

Dr Mandrano Julien

Roa andron'ny PARECAM : Fampisehoana, Fampirantiana ary Famelabelaran-kevitra

Fotoana nentina hampahafatarana ny Fandaharan'asa ny Roa Andron'ny PARECAM. Efa notontosaina in-droa miantaona izy io ka ny voalohany dia tany amin'ny Faritra Matsiatra Ambony ato amin'ny kaominina ambanivohitra Nasandratrony ny 10 sy 11 may 2011 lasa teo ary ny faharoa kosa dia notanterahina ny 30 jona sy 1 jolay 2011 tany Ambohimiadana tao amin'ny Faritra Analamanga.

Maro ireo hetsika notanterahina nandritry izany fotoana izany ho fanomezana vahana ireo mpamboly sy mpiara-miombon'antoka tamin'ny Fandaharan'asa.

Ny tanjon'ny Roa Andron'ny PARECAM moa dia ny hanomezana vahana ireo mpahazo tombotsoa sy mpiaramiombon'antoka amin'ny Fandaharan'asa haneho ny mahaizy azy sy hampirantany ireo karazana vokatra novokarina niaraka tamin'ny PARECAM ary hahafahany mifampisera amin'ireo mpiaramiasa maro sy ny mpitsidika.

Ny fampirantiana vokatra, ny laobary andasy, ny fandefasana horontsary, ny fizarana mari-pankasitrahana ary ny fitokanana ireo fotodrafitrasa voantsangana no votoatin'ny hetsika natao.

Nasandratrony : « ny voly vary maroanaka sy ny voly avotra »

Raha hoan'ny faritra Matsiatra Ambony, dia ny Voly vary maroanaka no tena novohizina nandritry io fotoana io. Nisy noho izany ny laobary andasy namoaboasana manokana momba ny paikady entina hampaharitra ny fampiasana ny teknika SRI. Anisan'ny nampivavaka ity Roa andron'ny PARECAM ity koa ny fisian'ireo karazana fifaninana teo amin'ny ankolafy maro miaramiasa amin'ny PARECAM. Naompana tamin'ireto voatanisa manaraka ireto ny lohahevitra nitondrana ny fifaninanana :

- Ireo kaominina nahasarika olona maro hampiatra ny teknika SRI novohizina niaraka tamin'ny Fandaharan'asa : lasan'ny Kaominina Ambohimahasina ny loka voalohany ary nomena ny Kaominina Nasandratrony sy laritsena ny loka faharoa sy fahatelo. Ny loka nozaraina moa dia zezika sy fitaovam-pamokarana ;
- Ny CSA izay nazoto ary nahavita be tamin'ny fanatanterahana ireo asa niarahana tamin'ny PARECAM. Natolotra ny CSA Ambohimahasina ny loka voalohany ary dia nomena fampitaovana ara-informatika izy tamin'izany ;
- Ny mpamokatra masomboly nahitana ny vokatra tsara indrindra (tombany teny amin'ny saha ny hatsaran'ny tsaramaso naniry). Ny Cram no nahazo ny loka voalohany, ny KLI no faharoa ary ny SDMad no fahatelo. Nitovy tamin'ny loka natolotra ireo kaominina ihany moa ny loka azon'izy ireo.

Ambohimiadana : « ny voly legioma manara-penitra » ary « masomboly voafantina »



Santionany amin'ireo karazam-bokatra nampirantiana

Hoan'ny Faritra Analamanga manokana dia anisan'ny nampivavaka izany Roa Andro izany ny hampahafatarana ny fenitra HOREB. Nisy horontsary fanadihadiana nalefa ary fizarana mari-piofanana hoan'ireo tantsaha nahatontosa antsakany sy andavanany ny fiofanana HOREB tao amin'ny distrika Anjzorobe, Manjakandriana, Avaradrano, Andramasina ary Ambohidratrimo. Nahaliana ny mpitsidika tokoa moa ny fampirantiana ny modelim-pivarotana mandehadeha izay ho kasaina apetraka tsy ho ela manerana ny tanan-dehibe, miaraka amin'ny tohan'ny PROSPERER.

Varotra fampirantiana sy trano heva

Nanofa trano heva maro ny ekipan'ny PARECAM nandritry ireo roa andro ireo mba hahafahan'ny mpiara-miombon'antoka mampahafatatra sy mizara ireo traikefa ananany. Maro tokoa ireo sokajin'olona miara-miasa amin'ny PARECAM no namaly ny antso. Ireto manaraka ireto ny ampahiny voatanisa tamin'ireo nandray anjara tamin'ny fitazomanana trano heva na nandritry ny Roa Andro tany Nasandratrony na ny tany Ambohimiadana :

1. Mpamokatra masomboly toy ny tsaramaso any Matsiatra Ambony sy Itasy ary ovy hoan'Analamanga. Niavaka tokoa ny fampirantiana ireo karazana tsaramaso fotsy, mena ary manopy mainty izay mbola vitsy mpamboly nentin'ireo koperativa avy any Itasy.
2. Fikambananan'ny mpamboly maro toa ny Salohin'alamanga mpamboly voankazo sy legioma
3. Mpivarotra zezika sy fanafodim-biby ary fitaovam-pamokarana toa ny Guanomad, ireo mpivarotra tsotra maro, ny SCAMPIS sy ny fanondrahana maroloharano ;ny AGRI VET, sns



Sompitra iombonana notokanana tao Ambohimiadana

4. Mpiaramiasa amin'ny PARECAM toa ny ONG Agri Sud any amin'ny Faritra Itasy, AMADESE Itasy, CSA, ny CCI, sns.
5. Mpandraharaha isan-karazany toa ny Lazan'i Betsileo, ny banky BOA, CECAM, ONN/SEECALINE, sns.

Fanokanana fotodrafitrasa namboarina niaraka tamin'ny PARECAM

Notokanana nandritry izany fotoana izany koa ny fotodrafitrasa namboarin'ny Fandaharan'asa tao amin'ireo kaominina roa ireo. Ka ny Sekretara Jeneralin'ny Ministera no nitarika ireo delegasiona nampivondrona ireo tomponandraikitra maro ao amin'ny Fandaharan'asa, ny distrika ary ny Minisitera. Hoan'ny kaominina Nasandratrony dia sompitra iombonana iray no notokanana. Hoan'ny any Ambohimiadana kosa dia sady nitokana trano fitehirizam-bokatra ny manampahefana no nitokana ihany koa ny fotodrafitrasa fanajariana ny tambajotran'ny rano teo amin'ny lemaka Ambohimiadana I sy II.

Ho famaranana ny hetsika « Roa Andron'ny PARECAM » dia any amin'ny Faritra Antsinanana indray no hifanome fotoana ny mpamokatra sy ny mpiaramiombon'antoka hanatontosa ny andiany fahatelo sady farany ny 21 sy 22 jolay 2011 any Mahavelona/Foulpoint.

Hitoetra sy hihatsara hatrany anie ireo ezaka efa vita niaraka tamin'ny PARECAM !